coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Soutenu par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

GSDM Professionnels de l'Agroécologie

# TOROLALANA MAHOMBY HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

## FIFANDIMBIASAM-BOLY AN-TANETY : KATSAKA+MUCUNA//VARY+CAJANUS

**Fanavaozana janoary 2022**

## TOMBOTSOA : MUCUNA

- "Légumineuse" : manatsara, manamasaka, mitazona ny tsiron'ny tany ;
- Ahazoana rakotra matevina no sady fanampin-jezika ;
- Manadio ny tany amin'ny ahi-dratsy sy ny bibikely ;
- Mampitombo ny voka-bary amin'ny taona manaraka ; Azo atao sakafom-biby.



## CAJANUS

- "Légumineuse" : mahazaka ny fiovan'ny toetrandro (main-tany) ;
- Manatsara ny firafitra sy ny tsiron' ny tany : vahatra matanjaka sy misandrahaka (Racine pivotante) ;
- Miaro ny tany amin'ny fikaohan'ny riaka ;
- Azo atao sakafon'ny olombelona.



## DINGANA ARAHINA :




Volena eo anelanelan'ny vary ny cajanus aorian'ny fiavana voalohany (15 - 20 andro)

- Omanina ny tanimboly
- Volena ny katsaka amin'ny fotoan'ny latsak'orana
- Volena eo anelanelan'ny katsaka ny mucuna aorian'ny fiavana voalohany (15 - 20 andro)
- Atao ny fikarakarana ny voly (fiavana , sns...)
- Otazana ny katsaka rehefa matoy, ajanona ny sisamboly
- Avela andrakotra ny Mucuna (voly taona)
- Volena eo ambony rakotra maty ny vary an-*tanety*
- Atao ny fikarakarana ny voly (fiavana , sns)
- Jinjaina ny vary , ajanona ny sisam-boly
- Avela haniry ny cajanus, otazana ny voa raha misy

Fehezina /alamina ny rakotra (Katsaka + Mucuna) alohan'ny hambolena ny vary

## TSARA HO FANTATRA :

### KATSAKA + MUCUNA

✓ Tsara raha fandonahana organika no ampiasaina (kaomposta, zezi-pahatra..) ;

✓ Hajaina ny elanelam-potoana amin'ny fambolena katsaka sy mucuna (tsy tokony mihoatra ny volana janoary) ;

** Raha manta ny tany , atao ny fanamasahana amin'ny fambolena "légumineuse" manatsara tany : (Stylosanthes ho an'ny faritra afovoany andrefana ary cajanus ho an'ny afovoan-tany) ;





### VARY + CAJANUS

✓ Masomboly voafantina sy mifanaraka amin'ny toetany no ampiasaina (afovoany andrefana : Nerica 4, Nerica 9, F182 - afovoantany : F186, chhomrong dhan) ;

✓ Hajaina ny tetiandrom-pamokarana (fandatsaham-boa : amin'ny latsak'orana voalohany , alohan'ny tapaky ny volana desambra ) ;

*** Tsara raha mamokatra masomboly eo an-toerana ihany (fanitarana sy fampaharetana ny traik'efa).



